

ackd. by Presd.  
Nov. 10. 1884  
No. 54.  
To Consul at Tamatave  
Nov. 22. 1884  
C. D. G.



Antananarivo

20 May, 1884.

Tompokolahy.

Moho ny toe-draharaha politic ankehitriny any ny Fanjakam'ny Mpanjakany Madagascar, to-hilaza aminao aho ny amin'izay mahasimba indrindra ity Fanjakana ity, sy ny Interest-ny Government-ny United States azony tany ny Fanekem-pihavanana, sy ny fivarotana vao natao tany ny Governmentraro, simban'izao toe-draharaha ankehitriny izao.

Any ny taratasy nasoratan'ny Mpanjaka Ranavalona III, sy ny tenako, any ny His Excellency-ny President, dia voadaza ao ny zava-manjo sy izay ilain'ity Government ity, sy ny fangatahan'ny fanoroan-

Any

kevitra

By Honorable  
Frederick T. Frelinghuysen  
Secretary of State  
Washington D. C.

kovitra sy ny fanampian'ny United States,  
amin'izao andron'ny fahorian'ny Firienany  
izao.

Amin'ity taratasy ity, ny iriko,  
dia ny hila ny fitandremanao hijery ny an-  
tony marina izay nahatonga izao fahasaro-  
tana ankehitriny izao; ny zavatra niseho-  
avy amin'izany any ny Fihavanam-piwaro-  
tana any ny United States, sy ny fahasim-  
ban'ny Right-ny Fanckerana vao natao, any  
ny zavatra lehibe hafa any ny Government-  
ny United States sy ny Government-ny Mpan-  
jaka.

My fitokananay toerana ka tsy  
mba tafakambana loatra amin'izao tontolo  
izao, dia efa nampahafantatra anay ny  
anton'izay tsy mba ahazoan'ny Firienana  
mbola zaza vao mandroso any ny fahaza-  
van'ny Civilization ny Sympathy, na  
ny Interest izay tokony hanaitra ny nama-  
ny efa mandroso. My ankabiazan'ny  
Vahoaky ny Mpanjaka, dia tsy mbola  
nahazo fianarana loatra amin'izany fomban'ny  
diplomacy izany, ka tsy mahalala ny volatry ny  
fahasahirarana any ny  
politic

politic . Isy mbola azony atao ny hahalala ny antony marina izay mahatonga ny famelazan' ny Tanjakana lehibe efa mandroso ela amin' izany civilization izany, satria mbola tanora amy ny fivavahana sy ny fandrosoana izay mifanohitra amy ny fomban-drazany izy. Ny mpitarika ny fanavaozana amy ny Madagascar sy ny olona tia fandrosoana, dia sahirana, na dia tsy mbola niseho tany ny mpanohitra azy aza izao fahasahiranana izao.

Ny toetra mahakivy kokoa ny Vahoaky ny Tanjakanay, dia ny mahita fa ny talanay efa nodikaina; ny samanay efa notofirina; ary ny fitarainanay marina tsy nohenoin' ireo Tanjakana izany irinday halain-tahaka ny fandrosoany, ary izay tianay hianarana ny fahendreny.

Gitrako ny hilaza tanteraka sy marina ny anton' izay nahatonga izao fahasahiranana ankehitriny izao amy ny Tanjakan' ny Mpanjaka:—

Ny Portuguese no valohany tonga tany Madagascar tany ny taona 1506, ary nanana foienana tao amy ny

Mosy

Nosy. Tamy ny taona 1595 sy tamy ny  
 1598 nisy Dutch maromaro nonina tao  
 Antongila Bay any ny Morondranomasi-  
 na atsinanana. Tamy ny taona 1643  
 ny Frantsay nanorin-ponenana tao St.  
 Lucia, sy Faradofay; kanefa talohan-  
 izany ny Engilisy efa nipetraka tany  
 amoron-dranomasina andrefana atsimo.  
 Ny Frantsay niala tao amin'ilay non-  
 nany tamy ny taona 1672, ary vao tamy  
 ny taona 1745 no nonenany tao St. Mary  
 nosy kely any amoron-dranomasina atsina-  
 nana, sy tao Mahavelona, ao amin'izany  
 moron-dranomasina izany hiary. Tamy  
 ny taona 1786, dia nialan'ny Frantsay  
 ny Tanibe any ny Madagascar. Tamy  
 ny taona 1810, nalain'ny Engilisy ny  
 nosy Mauritius sy Bourbon, ary ny  
 tany momba azy; ary tany ny 25 May  
 1816 ny Governor-ny Mauritius, dia na-  
 ka mihitsy any Madagascar tany ny  
 anaran'ny Fanjakany British. Tamy  
 ny taona 1817 ny right rehetra nananany  
 Great Britain, dia nomony and Radama  
 I, izay nanaovany Fanekem-pihavanana  
 sy

sy Fivarotana, ary nanaiky ny hampijana  
 nona ny famarinana andevo hatao varotra.  
 Radama I, nandresy ny Fokompirenena  
 ny Sakalava any ny Morondranomasina  
 avaratra andrefana; ary rehefa hiam-  
 boho Izy, tsy nisy Fokompirenena tany  
 ny Madagascar izay tsy nanaiky ny  
 fanapahany. Izany no tantara fohifohy  
 milaza ny toetry ny Frantsay taty Ma-  
 dagascar, hatrany ny taona 1817.

My tsy fifanarahana ankehitriny  
 dia azo zaraina telo:— I.—My any ny  
 Mr. Laborde. II.—My raharaha tany ny  
 Botry Foule. III.—My fanarahan'ny Fran-  
 tsay ny tany any avaratra andrefana any  
 ny Tanjaka ny Mpanjaka, ho ambanin'  
 ny fiarovany. Ary amin'ireto telo ireto  
 no nisehoan'ny tsy fifanarahana rehetra  
 ankehitriny, sy ny fandrahonana hifoka  
 na hampisaraka any Madagascar.

Alohan'ny hihoveranao ny voa-  
 lohany amin'ireto antony voalaza ambony  
 ireto, tsy ilaina ny hampahafantatra-  
 anao fa araka ny lalan'ny taninay, tsy  
 misy tany azo amidy any ny Vahiny  
 na

na Firienena izy na Firienena izy ; kanefa kosa izy avelan'ny Fanekena hanofa, na hanarama tany, na trano, na trano fitehirizan'entana, atao maharitra tsy mihodatra noho ny 25 taona, &c. (Izahao ny Fanekem-pihavanana sy Fisakaizana ary Fivarotana amy ny America sy Madagascar, Article III, Section 1, ary Article I vao namboarina amy ny Fanekena amy ny Great Britain tany ny 27 June, 1865, sy ny amy ny Fanjakana hafa).

I. - Ny tsy fifanarahana avy amy ny Mr. Laborde: Tany ny taona 1835, Mr Laborde Matilo Frantsay, vaky sambo, tonga tany amy ny Renivohitra, ary mba hahafaka azy dia nanaiiky hampianatra ny olona taozavatra izay hainy tsara izy. Noho ny nataony tamin'izany, dia nahazo miandalana ny fita, sy ny fitokian'ny Government, sy ny olona, azy izy, ka nomen'ny Fanjakana tany telo hitoerany mandrapahafatiny ho valin-pita - ny iray tao akaikin'ny Renivohitra; ny iray tany Mantasoa, izay nanaovany fandrendrehambany hanaovana tafondro, &c.; ary ny fahatelo

fahatelo dia ny nitoerany tao aminy ny Peni-  
 vohitra, izay nataony Consulate-ny Fran-  
 tsay rehefa voatendry ho Consul-ny Fran-  
 tsay izy tato aoriana. Mr. Laborde  
 dia tonga Vahoaka Malagasy tamin' ?  
 izany. Maty tamin' ny 1878, izy; ary  
 Mr. Campan zanak' anabavony no natao-  
 ny handova azy izay tonga Chancellor-ny  
 Secretary ny Consulate. Mr. Laborde  
 dia nodiasany Mr. Bassas Consul tamin' ny  
 1880. Mr. Campan tsy nanaraka  
 ny trano hiany, fa ny tany izay niorenany  
 koa. Ny trano noheverinay fa araka  
 ny lalana dia azy, ary ny right-ny aminy  
 ny ananana ny tany. Kosa nolavinay, fa  
 araka ny voalaza rahateo tsy misy Vahiny  
 mahazo manana tany ho azy. Mr. Meyer  
 izay tamin' ny naha-Consul azy no nisehoam-  
 ny raharaha tamin' ny Botry Foule izay  
 mbola ho lazaiko, no nandiniby any Mr.  
 Bassas tamin' ny 1881, ary nodiasany Mr.  
 Baudais kosa.

II. - Ny raharaha aminy ny Botry Foule :  
 Tsy lavitra ny Morondranomasina aminy  
 ny Bay Bembatoka, ao amoron-dranoma-  
 sina

sina andrefana aminy ny Madagascar, dia misy Andriaman'ny Sakalava efatra izay niady tamin'izany. Tamin'ireo Baly, sy Gosalala, ary Boina namely aminy Marambintsy. Misy Botry atao hoe Foude avy aminy Mayotte, anankirany aminy ny Misy Comoro izay nalain'ny Frantsay, nitondra basy sy fiadiana ao ambanin'ny fanewanan'ny Frantsay nankao Marambintsy, ka hitany nampakatra ireo entana ireo, dia niady izy sy ireo Arabo ireo, ary maromaro tany ny Arabo no maty; ary maromaro koa tany ny Vahoaka aminy ny Madagascar no maty. Tamin'izany no nanerena anay handoa vola ho onitra \$ 9,740 ho an'ny Frantsay. Ary ity raharaha ity mampiseho mazava, fa ireo Andriana ireo dia nankato ny Government-ny Hova, ary ny Frantsay manaity ny fanapahan'ny Hova amin'ireo tany ireo indrindra, izay arahiny antehitriny.

III. - Ny fanarahan'ny Frantsay ny tany ao avaratra andrefana: Ny ataony Fran-  
ce hanarahana ny tany avaratra andre-  
fana aminy ny Tanjaka ny Mpanjaka,  
(hatramy



(hatramy ny Parallel 16 noho miakatra)  
 dia ny fanekena ataony ho nataony tany  
 ny Tsimiharo Andriandahy ao Antankarana,  
 izay efa noresen'ny Miaramilan'ny Hova  
 tany ny andron-d'Radama I, ka nando-  
 sitra tany Anosibe nangataka ny Fran-  
 tsay hiaro azy. Hatramy ny taona  
 sasany dia nanao izany ny Frantsay, ary  
 nony tato aoriana dia nentiny nankany  
 Reunion Tsimiharo sy ny rahalahiny,  
 ka norahonany hanao fanekena aminy.  
 fa raha toy izany dia nataony hilaozana izy.  
 Nangataka haka hevitra any ny Vaho-  
 kany any ny Tanibe Tsimiharo fa toy  
 navelany. Nony tonga tany Reunion  
 izy dia nanao fanekena nanome an-Ano-  
 sibe ho an'ny Frantsay, ary ny Frantsay  
 dia hiaro azy sy hanome azy \$100 isam-  
 bolana. Nony naverina tany any ny  
 taniny Tsimiharo, ka milaza izany tany  
 ny Vahoakany, dia tezitra ny Vahoaka-  
 ny, kanefa efa tratra aoriana loatra.  
 Izany no iorenan'ny fanarahana'ny Fran-  
 tsay Protectorate any ny tany avaratra  
 andrefana any ny Fanjakan'ny Mpan-  
 jaka

jaka.

Hatramy ny taona 1841 no nahatonga an-Orosibe tao antanan'ny Frantsay tahak'izany; kanefa hatramin'izany andro izany toy nisy nataon'ny Frantsay akory, hanamarina io ataon'ny ananany any ny Tanibe io, raha toy vao tany ny taona 1882, ary ny Government ny Mpanjaka efa nanohitra mafy mandrakariva ny fanarahan'ny Vahiny ho manan-tany, ary mandà mafy sy marina fa toy misy Tokom-pirenena midina manana Right hanome any ny Tanin'ny Mpanjaka ho an'ny Tanjankana Vahiny.

Tany ny taona 1868, nisy Fankem-pihavanana sy Fivarotana natao tany ny France, ary tao amin'izany toy misy filazana akory amin'izany ataon'ny Frantsay ho azy izany, na any ny Morondranomasina atsinanana any ny Madagascar, na any ny andrefana; tao amin'izany koa ny Mpanjaka natao hoe Mpanjakany Madagascar, ary hatramy ny ny taona maro ny fadintseranana dia naloan'ny

naloan'ny Sambon'ny Frantsay, sy ny Sambon'ny Firenena hafa mandrakariva, tany ny Manamboninahitry ny Mpanjaka mpandray fadintseranana ao amin'izany tany avaratra andrefana izany, izay dia hon'ny Frantsay ankehitriny.

Tany ny taona 1862, nisy Company Frantsay iray, izay fantatry ny olona rehetra hoe "Company Lambert," nahatona ny Mpanjaka tanora Radama II, hanao sonia taratasy izay misy fanomezana betsaka, hananan'ny Frantsay right haka ny Renirano, sy ny Seranana, sy ny ala, ary ny mines, &c., — eny dia ny zavatra rehetra izay mendrika ny hananana any ny Madagascar. Izany Fomekena izany dia notoherin'ny Lehibe tany Madagascar; ary izany fanomezana izany no iwan'izay nahatarika ny fikomiana nampiala and Radama II tany ny Fanjakana, sy nahafaty ny ainy.

Izany taratasy izany dia toy tian'ny Mpandimby Azy, ary rehefa sahirana dia sahirana ny Company Frantsay, dia nahafaty ny fanarahany nony nandovan'ny

doavan'ny Malagasy vola \$ 24,000.

Tamin'ireo taratasy ireo, Radama II, dia natao hoe Mpanjakan'ny Madagascar.

Isy misy isalasalana akory fa ny Company Frantsay mpivarotra, dia mikambana tokoa amin'izay hahavelona indray ny fanarahan'ny Frantsay aty Madagascar.

Ny varotry ny American sy ny English no be indrindra eto amin'ny Nosy, ary mitady izay hahasimba izany indrindra ny Frantsay.

Ny zavatra izay niseho faingana tao aorian'ny nanaovan'ny Mpanjaka izay hainy hampipetraka tsara ny fanahany amin'ny Nosy; ny nanorenana ny Laniva Malagasy, izay natolotra ny Irak'ny Sakalava, tao amin'ny tany itoerany ao avaratra andrefana; ny nanesoran'ny Komandin'ny Sambompiadin'ny Frantsay "Forfait" azy; ny Embargo natao tany ny Sambo Malagasy "Antanana-rivo"; ny fampijanonana ny fialan'ny Ambasadoran'ny Mpanjaka ho any Europe sy United States; sy ny namelazana baomba ny Seranana lehibe; ny fandevonana

vonana ny Serananay ; ary ny famelazana  
ny ady mahatsiravina any ny olonay miada-  
na sy finaritra taloha. Ireo rehetra ireo  
dia efa fantatrao rahateo.

Te-hiantso ny fitandromanao aho  
Mr. ny Secretary, mba hijery kosa ny faha-  
simban'ny varotra sy ny influence-ny Uni-  
ted States aty amin'ireto Ranomasina lavitra  
ireto, azon'ny ataon'ny Republic Frantsay.

Ny varotry ny mpanao taovavatra  
American any ny Madagascar, dia mihoa-  
tra noho ny \$ 3,000,000 isan-taona. Amy  
ny Varotra Lamba soga, sy ny momba ny  
vy (Cutlery), sy ny zavatra samihafa momba  
ny tokantrano, toy azy ifandirana akory  
fa ny an'ny American no voalohany. Izany  
varotra izany, izay \$ 400,000 tany ny taona  
1879, no efa nandroso ho amin'izany voala-  
zako izany, ary hisondrotra ho tonga impolo  
heny noho izany ao anatin'ny fotoana fohy  
foana, raha mahazo hanatanteraka ny iri-  
nay sy ny toky nomenay ny Governmentrao  
izahay.

Amy ny zavatra betsaka izay  
atao any America, saiky toy misy iray  
akory

akomy izay tsy tian 'ny olona eto ho vidina  
 raha hitany ; rehefa hitan 'ny olonay indrai-  
 mandeha ireny, ny faniriany hanana azy  
 dia fatratra . Ary izao dia efa fantatra  
 ao amy ny Taninay rehetra fa ny volakay  
 ny taninay, dia azo atakalo azy tsara .  
 Koa amin' izany, ny fahazaran'ny hiasa dia  
 amporisihina, ka isaky ny fandrosoan'ny  
 varotra iraidia, dia mampitombo koa ny  
 zavatra ilaina ; fa amy ny fandraisana  
 ny civilization, sy ny Fihavanana amy  
 ny Fivarotana betsaka amy ny Governmen-  
 tsika izay antenaina ho tanteraka tsara,  
 dia ny mahabe ny harina, ary mampiana-  
 tra ny olonay .

Mampalahelo anay tokoa,  
 sy mampahafati-antoka ny olonareo izay  
 mivarotra aty, izao tsy fifanarahana an-  
 kehitriny amy ny Tanjakana Vahiny  
 tonga aminay izao, izay irinay fatratra  
 ho afaka . Izany fahasahiranana izay  
 ny dia manimba indrindra ny olona Irai-  
 firenena aminao ; mandrahona hampisa-  
 raka ny taninay, ary misakana ny Govern-  
 mentray tsy hampitombo ny fanampiana  
 ataony

ataony hanokatra ny haren'ny Fanjakanay, izay irinay fatratra hifanaovana aminy ny Irai-firenena aminao be herimpo. Izany no efa nahasahiako hametraka eo anoloanao ny toetra marina amin'izao fahasahiranan'ny Fanjakan'ny Mpanjaka aty Madagascear ankehitriny izao, sy ny rahona handrava ny Fanekem-pivarotana, ary ny tsy fahazoan'ny Mpanjaka hanatanteraka arak'izay iriny, ny Fanekena tsara sy malalaka vao natao tamin'ny Government-ny United States.

Moa dia hataon'ny United States tsy hampaninona azy va, ny hahasimba ity trano fiarovana'ny Fivarotana aty atsinanana ity, na tsy mba hanana Sympathy aminy ny olona izay matokely azy ho Sakaizany lehibe sy ataony marika halainy ohatra va izy, nefa izy no mpitarika ny fandrosoana sy ny fahendrona?

My Mpanjaka sy ny tenako, noho ny fanantenanay, dia efa nitaraina aminy ny Governmentrao hamin-ta marina izao fahasahirananay izao, ary hanambocitra ireto tsy fifanarahana ireto.

ireto.

Miantso ny fitandremanao aho,  
handinika ireo Kope vita pirinty am-  
pitondraiko anao ireo, milaza ny fifama-  
liana sy filazana ny Kiraharakana na-  
taon'ny Solontenan'ny Frantsay aty  
Madagascar, sy ny Manampahafananay.

Veloma finaritra tahin' Andriama-  
nitra hianao Tompokolahy.

Hooy ny Sakaizanao

Rainilaiarivony

Prime Minister